
# Ny tantaran'i Amanda Smith tao Hawn's Mill



Tamin'ny 30 ôktôbra 1838 dia nanafika ny toeram-ponenan'ny Olomasin'ny Andro Farany iray antsoina hoe Hawn's Mill ny andian'olona mpihetraketraka tao Missouri. Notifirin'ireo mpihetraketraka ireo lehilahy sy ankizilahy izay niditra tao amin'ny toeram-pivarotana mpanao kitron-tsoavaly iray mba hitady fialofana sy hiaro ny olony. Olomasin'ny Andro Farany fito ambin'ny folo no maty tamin'ilay fanafihana ary am-polony mahery no naratra.

Anisan'ireo naratra i Alma Smith, enin-taona, izay tsy hita intsony ny valahiny iray manontolo taorian'ny nitifirana azy. Very hevitra i Amanda Barnes Smith renin'i Alma rehefa nahita azy. Nisaona ny vadiny sy ny zanany lahy 10 taona izay samy maty nandritra ilay fanafihana ihany koa izy.

Satria tsy nisy olona afaka nanampy azy dia namory ny zanany sisa tavela i Amanda ary nivavaka mba hahazo fitarihana. "Ry Raiko any An-danitra ô," hoy izy nivavaka, "Ianao no mahita ny zanako maratra ary mahafantatra ny tsy fahaizako. Ray any An-danitra ô, tariho amin'izay tokony hataoko aho."

Rehefa nahavita ny vavaka nataony i Amanda, dia nandre feo nanoro hevitra azy hanafangaro lavenona amin'ny rano izy. Nampiasainy izany mba hanasana ny ratra nahazo an'i Alma mandra-pahadiony. Taorian'izany dia notarihin'ny Fanahy haka faka tamin'ny hazo iray i Amanda ary hitoto izany mba hahazoana ranony. Napetrany teo amin'ny ferin'i Alma izany ary nofonosiny hariry.

"Mitsora tahaka izao ianao dia aza mihetsika", hoy izy tamin'ny zanany lahy, "ary hanaovan'ny Tompo valahana vaovao ianao."

Nanakana an'i Amanda sy ny fianakaviany tsy hiala taorian'ilay fanafihana ilay ratra nahazo an'i Alma. Rehefa nandeha ny herinandro maro dia nametraka fe-potoana hiaingan'izy sy ireo Olomasina hafa sisa tavela ireo mpihetraketraka. Nitombo ny tahotr'i Amanda rehefa tonga ny fe-potoana farany. Niafina tao anaty amboaran-katsaka izy mba hahafahany nivavaka amin'ny feo avo ka tsy hisy handre. Nandre feo namerimberina ireto teny ireto izy avy eo:

*INy fanahy izay miankina amin'i Jesoa mba ho fialofany,*

*Tsy hilavo lefona eo anatrehan'ireo fahavalo;*

*Na dia handalo ny helo manontolo aza dia tsy azo hozongozonina,*

*Satria tsy handao anao na oviana na oviana Izy!*

Ireo teny avy amin'ilay hira ao amin'ny fihirana hoe "Fototra mafy orina" (*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lp. 56) ireo dia nanampy an'i Amanda hahazo tanjaka sy herim-po vaovao.

Tsy ela taorian'izay dia teo ivelany i Amanda no nandre ny zanany nihiaka mafy tao an-tranony. Nihazakazaka nankany an-trano izy ary nahita an'i Alma nihazakazaka nanodidina ny efitrano. "Salama aho neny a, salama aho!" hoy izy sady nitomany. Niala tao Hawn's Mill i Amanda sy ny zanany taoriana kelin'izay.

(Notsongaina sy nofintinina avy tamin'ny *Olomasina*, 1:347–50, 353–55, 378–79)



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_413-1